Tena manan - jara isika manana ny Fiteny malagasy izay manan-karena amin'ny hainteny sy ny ohabolana , ny tantara , ny angano , ny ankamantatra sy ny literatiora  izay manefy sy mampianatra ny soatoavina sy ny fitsipim- pitondrantena ary ny fitsipim-piainana mandrakariva .
Rehefa dinihina dia mifameno  hatrany ny soatoavina malagasy sy ny soatoavina kristiana izay mitarika antsika hiaina amim- pahendrena eo amin'ny fiainantsika.
Ity ohabolana ity izany dia tena manome lanja ny fanahy  amin'ny maha fanahy azy ara- pitondran - tena amin'ny maha olombelona sy amin'ny maha Kristiana.
Ity andinin- tSoratra Masina ity no afaka hampiarantsika izay rehetra voalaza mikasika ny fiainantsika ao an-tokantrano ao handrosoantsika ho eo amin' ny fahafenoana  :

" Ary tiako ho fantatrareo fa Kristy no lohan'ny lehilahy rehetra ary ny

lehilahy kosa no lohan'ny vehivavy ary Andriamanitra no lohan'i Kristy ."
Korintiana voalohany 11 : 3